Fitondrana Rajoelina

**Fanenjehana an-dRavalo 85%, fisehosehoana 14%, fanatanterahana IEM 1%** 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 3 Aogositra 2019 Laharana 938 Vidiny : 400 Ar


Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 140), Madagasikara 30 jolay 2019 5


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Mikatso ny raharaham-pirenena** 2

# Variana amin'ny vakansy ny mpitondra



**Mpiandraiki-draharaha Suisse** 2

# Mbola lavitr'ezaka ny ady amin'ny fahantrana



**FETIMPIRENENA SUISSE** 2

## Nanatrika ny fotoana ny filoha Ravalomanana mivady



**Fiainam-pirenena** 3

## Misavorovoro eo amin'ny sehatra rehetra

**Asan-jiolahy** 7

## Voasambotra ireo mpanafika ny fiaran'Ambatovy

**Angôvo** 7

## Mamely mafy indray ny delestazy any Ikongo

**Daka kely**

Vakansy aloha vao fampandrosoana ny anareo ry Boaikely a !

**Boriboritany faha-5 (CUA)** 5

## Manamboatra ireo lalana simba, hatao rarivato eny Tsarahonenana



Depiote Ramboasalama Emilien

## Ampiharo ny lalàna fa aza atao kilalaon-jaza ny firenena



Manoloana ny resabe ankehitriny amin'ny sata mifehy ny antoko mpanohitra hodinihina eny anivon'ny antenimiera roa tonta, dia ny antenimieram-pirenena sy ny antenimieran-doholona manomboka ny 12 Aogositra ho avy izao, dia hentitra ny antoko Tiako i Madagasikara. Nanamafy ny solombavambahoaka voafidy tao amin' ny boriborintany faha-4 eto Antananarivo renivohitra, fa tsy azo ekena ny manova lalàna tsy mbola nampiharina akory. Ampiharo aloha ny lalàna manan-kery satria lasa fanamparam-pahefana izany hoy izy ka miteraka didy jadona eto amin'ny firenena. Nambaran'ity solombavambahoaka ity, fa ny lalàna 2011/013 no lalàna miifehy ny antoko mpanohitra eto Madagasikara, ary nanaja sy niainga tamin'io lalàna io ny antoko Tim. Nahazo« recepissé » ara-dalàna ihany koa ny antoko Tim fa antoko mpanohitra. Namafisin'ity solombavambahoaka ity ihany koa fa ny filohan'ny antoko Tim, Marc Ravalomanana no faharoa tamin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa teto Madagasikara, ka rariny raha ny filohan'ny antoko Tim no filohan'ny antoko mpanohitra satria vahoaka marobe no nifidy azy. Mazava ho azy raha ny fanambarany, fa ny antoko mahafeno fepetra no manendry ny filohan'ny antoko mpanohitra ary tokony ankatoavin'ny fanjakana izany. Aza atao kilalaon-jaza ny firenena hoy ity solombavambahoaka ity, fa ampiharo aloha ny lalàna fa aza manao fanamparam-pahefana mitondra any amin'ny jadona satria tany demokratika sy tany tan-dalàna i Madagasikara. Tsy tokony hanao izay saimpantany fotsiny isika hoy hatrany Ramboasalama Emilien, solombavambahoaka voafidy tao amin' ny boriborintany faha-4 Antananarivo renivohitra ary tsy tokony lalaovina ihany koa ny firenena sy ny vahoaka ao aminy.

***Rajo***

Tim Boriboritany faha-6

## Nanao tatitry ny kongresin'ny antoko farany teo



***Ireo nitarika ny fivoriamben'ny antoko TIM teny amin'ny Boriboritany faha-6.***

Vita ny alahady teo ny Fivoriamben'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ao amin'ny Boriboritany faha-6, nanaovana ny tatitra ny kongresin'ny antoko farany teo, ho an'ireo tsy afaka namonjy izany. Voaresaka tamin'izany koa ny fiomanana amin'ny hetsika sosialy izay hataon'ny antoko ny 17 aogositra ho avy izao. Fotoana koa nanehoan'ny mpitarika Fokotim sy ny solontenan'ny fototra, na ny base ny fiatrehana ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina ho avy, na rahoviana, na rahoviana no hanaovana izany, ary efa nifaneken'ny rehetra nivory fa izay tapaka amin'ny fivorian'izy ireo no izy. Manaramaso ny fizotran'ny raharahampirenena rahateo ny DISTIM, FOKOTIM, ny JEUNE TIM, ny FEMME TIM eny Ambohimanarina, izy ireo izay matoky mandrakariva ny Filoha Mpanorina ny TIM, Marc Ravalomanana sy Depioten'Ambohimanarina vaovao Todisoa Andriamampandry.

***Isambilo***

Mpiandraiki-draharaha Soisy

## Mbola lavitr'ezaka ny ady amin'ny fahantrana eto Madagasikara



Nankalazaina ny 1 aogositra teo ny faha-728 taonan'ny fetim-pirenena Soisy teto amintsika, teny amin'ny tranon'ny mpiandraiki-draharaha Soisy eto amintsika, teny Ambohibao. Niatrika sy nanome voninahitra izany fotoan-dehibe ho an'ny fitondrana sy ny vahoaka helvetika izany i Dada sy Neny. Anisan'ny nisongadina tamin'ireo lahateny nifandimbiasana teny an-toerana, fa misy fiantraikany amin'ny vahoaka eny ifotony ny fiaraha-miasan' ny firenena Soisy amin'i Madagasikara. Ankoatra ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana, sy ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana, nanome voninahitra ny fotoana nisolotena ny fitondram-panjakana, ny ministry ny fanajariana ny tany sy ny trano fonenana ary ny asa vaventy Hajo Andrianainarivelo, sy ireo mpikambana maromaro avy amin'ny governemanta. Nisolotena ny Antenimierampirenena ny filoha lefitry ny Antenimierampirenena Honoré Rasolonjatovo, teo koa ny ben'ny tanànan'Antehiroka. Nambaran'ny mpiandraiki-draharaha Soisy, Ramatoa Sabine Jenkins nandritra izany, fa nandritra izay 60 taona teo izay, nisian'ny fiaraha-miasa teo amin'ny fitondrana any Berne sy teto Madagasikara dia mafy orina izany fifandraisana ara-diplaomatika izany: teo amin'ny lafiny politika, toekarena, sosialy ary kolontsaina. Ankoatra izany, nanambara ity diplaomaty ity, fa mbola ady lavitr'ezaka ny ady amin'ny fahantrana eto Madagasikara. Nosoritany fa efa maro ireo fanatsiam-bola madinika ho amin'ny fampandrosoana, nomen'ny fitondran'ny kaonfederasiona Soisy ho an'ny Malagasy ary hitohy hatrany izany.

***Isambilo***

Fetimpirenena Suisse

## Nanatrika ny fotoana ny filoha Ravalomanana mivady

Isan'ny vahiny manankaja tonga nanatrika ny fetim-pirenena Suisse teny Ambohibao ny filoha Marc Ravalomanana sy ny ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana. Zava-dehibe amiko hoy Dada ny fanatrehana izao fotoana izao satria firenena anisan'ny voalohany anjakan'ny demokrasia eto amin'izao tontolo izao ny firenena Suisse, izay tokony halaintsika tahaka eto amin'ny firenentsika. Nandritra izany dia nisy ny tafa fohy nataony tamin'ny mpanao gazety, izay nanehoany ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena, indrindra momba ny fifidianana ben'ny tanàna, izay tokony hatao ato ho ato sy ny mahakasika ny satan'ny mpanohitra izay tadiavin'ny mpitondra hovaina indray na dia mbola tsy nampiasaina akory aza. Tokony hanaja ny lalàna fotsiny isika hoy izy, rehefa lalàna dia lalàna. Izay no tena antom-pisian'ny mpanohitra dia ny hampiarana ny demokrasia, mba hahafahana milaza ny marina, hanaja ny lalàna, hanaja ny "constitution", hanaja ny zon' olombelona. Ny vahoaka dia mahatoky fa hanana ny maha-izy azy ity fifidianana ben'ny tanàna ity. Nahita ny tena marina aho hoy izy tany amin'ny Union Européenne. Fantatro ny tena marina tamin'ny fifidianana "présidentielles", fa ny mampalahelo sy mahamenatra ary mahatezitra sy mahasosotra dia any ivelany indray no mahalala ny tena misy noho isika eto antoerana.

***Helisoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Mikatso ny raharaham-pirenena

## Variana amin'ny vakansy ny mpitondra

Nanaitra ny sain'ny maro ary nahatafintohina ny maro ny nandre fa hoe haka fialan-tsasatra ny governemanta. Vao oviana no notendrena dia haka an'izany sahady, sao dia tsy rariny loatra? Na koa hoe enim-bolana niasana ireo mamerina manohy asa fa voatendry indray dia haka ihany koa an'izany, sao dia tsy hitsiny? Ny asa vita no ifampitsarana, hoy ny fanambin'ilay lehilahy mpitana sy mifikitra ny fivoin'ny mpitondra mifandimby ary sakaizan'izay miakatra fitondrana mandrakariva izay. Raha tsaraina ny asa vita anefa tsy mifanaraka amin'ny teny nifanomezana na ny andrasan'ny vahoaka maika. Mbola mihizihizy tsy mivaha ny olam-bahoaka sy ny fahasahiranany lalina andavanandro. Tsy hita mangirana izay hisokafan'ny faravodilanitra amin'ny sosialim-bahoaka hatreto nefa nambara ho niasa ireo tao anaty enim-bolana. Variana amin'ny vakansy ny governemanta ary nadinon'izany ka mikatso ny raharaham-pirenena. Ho an'ny vahoaka maro an'isa dia mbola tokony hiasa mafy sy hifofotra andro aman'alina ireo mpanatanteraka rehetra ireo hamaha ny olam-bahoaka ao anaty fotoana fohy. Tsy tokony hisy araka izany ny ho hiala sasatra noho ny asa maro mbola andrasan'ny vahoaka aminy. Holalaovina ve ny fitantanam-pirenena ity? Avela aloha ho voa any izay ho voa amin'ny vahoaka eo amin'ny fiainany eo, fa tsy maintsy hiala sasatra higalabona hianoka amin'ny harena azo aloha ny eo amin'ny fitondrana? Sao dia tsy rariny loatra? Miharitra ny mafy ny vahoaka miatrika ny vidim-piainana, fa tsy afa-miteny mankaiza satria noezahina natao ho toy ny "bibilava, tsy tanana handrangotra, tsy tongotra hitsipaka, tsy vava hiteny"(ialana tsiny amin'ny ohatra noraisina, fa toy izany no fahitana maimaika ny toe-java-misy ankehitriny)… Ny olona miasa mafy dia mahita vokatra. Ka mahita vokatra ve isika mpiara-monina ankehitriny? Tsy ho afaka ho kibo mitsara tena ve ny mpitondra rehetra eo amin'ny fitondrana ankehitriny? Raha nandalo teto ny filoha roandey, Paul Kagame, dia toa nasisika tao an-tsain'ny vahoaka Malagasy fa haka modely ny fireneny isika, ka hitovy laharana tsy ho ela. Mitaky asa sy ezaka goavana eo amin'ny mpitondra anefa izany, fa tsy hisy fahagagana akory eo. Nanao ezaka mafy ny olona vao tonga amin'ny toerany toy izao. Isika anefa ity toa mihevitra ny hahazo izany amin'ny fipetrapetrahana, sy hiala sasatra rehefa avy manao asa kely tsy nanova zavatra firy akory teo amin'ny fiainampiarahamonina sy ny fiainam-pirenena. Mahavariana… Izao fihetsiky ny fitondrana, ho an'ny mpandalina ny fiainam-pirenena, dia ahafahana mazava tsara mandrefy azy.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fiainam-pirenena : misavorovoro eo amin'ny sehatra rehetra

Vita ny fifidianana filoham-pirenena. Vita koa ny fifidianana solombavambahoaka. Azo lazaina fa tsy nitondra fitoniana teto amin'ny Firenena izany satria niteraka fitsikerana maro samy hafa na dia teo aza ny vokatra ofisialy tamin'ny alalan'ny didy tsy azo ivalozana navoakan'ny Fitsarana avo momba ny lalàmpanorenana (HCC). Nivory tsy ara-potoana ny Antenimieram-pirenena izay nandroso ireo anaran'ny olona tokony ho Praiminisitra, ka voatendry fanintelony ho amin'izany toerana izany Ntsay Christian. Nitsangana ny governemanta, ka iray ihany no tsy tafaverina tamin'ny toerany. Namoaka ny tetiandro hanaovana ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina kaominaly ny Vaomiera mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI). Tsy laharampamehana ho an'ny fitondrana anefa izany, ka lasa niala sasatra ny rafitra mpanatanteraka izay tokony namoaka lalàna hiantso ny mpifidy amin'ny volana oktobra 2019. Midika izany fa hihemotra izany fifidianana izany, ka mametraka fanontaniana ny rehetra raha ho soloina PDS ireo ben'ny tanàna rehefa tapitra ny fe-potoana iasany amin'ny volana septambra. Loza mananontanina ho an'ny demokrasia sy ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana anefa izany. Olom-boatendry ny ho lehiben'ny Faritra, efa notendrena koa ny sefom-pokontany, ka raha ho soloina PDS koa ny ben'ny tanàna dia ho eo ambany fifehezan'ny fanjakana avokoa izany ny any amin'ny rafitra vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana rehetra, ka tsy ny vahoaka intsony no andriamanjaka fa an'ny IRD avokoa izany ny tanàna, ka hirehareha ny mpanohana izao fitondrana izao fa "azy ny tanàna ka izay tiany ihany no hatao". Voafaritra ao anaty Lalàmpanaorenan'ny Repoblika IV ny momba ny fisian'ny antoko mpanohitra. Nahazo taratasy avy ao amin'ny Miisiteran'ny Atitany mametraka ny antoko Tiako i Madagasikara (Tim) fa izy no eo amin'izany toerana izany. Izay nahazo vato betsaka indrindra sy manana depiote maro ao amin'ny Antenimieram-pirenena no ho eo amin'ny toeran'ny filoha lefitra fahafito. Efa nanambara ombieny ombieny, hatrany ampitan'ny ranomasina, ny filohan'ny Tim, Ravalomanana Marc, fa ho mpanohitra mpanorina (opposition constructive), ka tsy maintsy ho izy izany na olona avy aminy no ho filohan'ny mpanohitra raha tena tany tan-dalàna tokoa no misy eto amin'ity Nosy ity. Miteraka savorovoro eo amin'ny sehatra politika indray anefa ny niantsoana ny depiote hivory tsy ara-potoana fanindroany manomboka amin'ny 5 aogositra ho avy izao. Araka ny fantatra dia ny lalàna momba ny mpanohitra no lahadinika amin'izany fivoriana izany. Azo antoka fa mifono tetika politika maizina izany satria didy hitsivolana (ordonnance) havoakan'ny fitondrana mpanatanteraka dia tafapetraka ny mpanohitra. Amin'ny ankapobeny dia tsy mampiraika ny "vahoaka" loatra ny sehatra politika satria variana miady amin'ny fiainany andavanandro izy. Tsy azony an-tsaina na hodiany tsy fantatra fa miankina amin'ny politika ny mety ho fivoaran'ny fiainany. Porofon'izany ny fifaliana sy ny fiarahamientana nasehon'ny gasy tamin'ny zava-bitan'ny Barea tamin'ny lalao baolina kitra tany Egypta. Tsy nitohy izany tamin'ny lalaon'ny nosy satria tsy namokatra ny Barea B. Azo lazaina fa nisy mizana tsindrin'ila satria, vola amina miliara ariary no nomena ny Barea tany amin'ny CAN, kanefa tsy mba voalaza ny nomena ny ekipa tatsy amin'ny Nosy Maorisy. Tsy nisy hery nandrisika (motivation) izany ireto mpilalao ireto. Na tiana na tsy tiana dia azo lazaina fa nampisara-bazana iny toe-draharaha iny Na tiana na tsy tiana ihany koa dia politikam-pitantanana no tsy mahomby. Na nanatrika tany aza ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina dia tsy izay no nandrasan'ny mpilalao satria sady nanolotra volabe no nandeha tany Egypta izy, ka na inona na inona lazaina dia tsy ampy izany fihetsika izany satria toa zary fandatsana aza. Mbola mitaraka fisaraham-bazana ihany koa ny resaka fialantsasatry ny mpianatra, ka tsy fantatra intsony iza no tia tena, ny mankasitraka ny famerenana ny taom-pianarana oktobra-Jona, sa ny manohana ny voarakitra ao amin'ny PSE novolavolain'ny fitondrana Rajaonarimampianina Hery. Mampisavoritaka ny fiaraha-monina ny ady tany manerana ny Nosy satria misy mahazo izany amin'ny alàlan'ny kolikoly sy ny fahitahitana araka ny fitenenana. Tsy resahina intsony ny tsy fandriampahalemana satria misy amin'ireo lazaina fa "mpampandry tany" no voasaringotra amin'ny asan-jiolahy. Efa nisy, angamba ny voasambotra sy migadra amin'izy ireny kanefa tsy mahasakana ny asan-dahalo sy ny fanafihana mitam-piadiana, tsy any ambanivohitra ihany fa an-tanàn-dehibe koa. Raha fehezina dia tsy manana politika matotra eo anivon'ny sehatra rehetra ny mpitondra, ka tsy misy fiantraikany eo amin'ny fiainam-bahoaka izay ataony rehetra.

***Andry Tsiavalona***

**Liva, KMFB**

# Miala any indray ny ketrika maloto hametrahana PDS

Maneho ny heviny mahakasika ny fifidianana ben'ny tanàna indray Andriamatoa Liva filohan'ny KMFB (Kômity Miaro ny Fiainam-Bahoaka). Iaraha-mahalala hoy Andriamatoa Liva fa feno hosoka sy hala-bato avokoa ireo fifidianana roa natao teto amin'ny firenena ny taona 2018 sy 2019 ity, dia ny filoham-pirenena sy ny solombavambahoaka izany. Tompon'andraikitra ary tsy azo hafahana tao anatin'izany tsy fahamarinana izany ihany koa ny CENI sy ny HCC. Ny tanjona tamin'izany dia ny mba anehoana fa mamim-bahoaka sy nofidiam-bahoaka tokoa Andriamatoa Rajoelina. Tsy ho ambanin-javatra noho ireo fifidianana roa ireo ihany koa anefa ny fifidianana ben'ny tanàna



izay tokony ho tontosaina ny volana oktobra ho avy izao. Raha io mantsy no tsy mahazo ben'ny tanàna maro an'isa ny IRD, dia miharihary eo fa hala-bato tokoa no nahalany an' Andriamatoa Rajoelina sy ireo solombavambahoaka miaraka aminy. Noho izany, tsy maintsy manao ny fomba rehetra izay hahazoany izany izy, dia ny eritreritra fanemorana fifidianana sy ny fametrahana PDS (Président Délégation Spéciale) manerana ny Nosy, indrindra ireo renivohi-paritany enina toa an'Antananarivo. Tsapa mantsy hatreto fa efa miha-tonga saina, ary manomboka miala miandalana amin-dRaoelina ny vahoaka. Nihevitra izy ireo fa raha vantany vao vita ny fihanianan'Andriamatoa Rajoelina teny Mahamasina, dia hiova sy handeha araka ny propagandy ny fiainam-pirenena. Hatreto anefa, dia iaraha-mahita fa mbola resabe sy fampiesonana hatrany aloha no misy. Ny fiakaran'ny vidim-piainana angamba no asa hita fa mba mivaingana sy misongadina aloha. Io fomba fanao mametraka PDS io mantsy dia fomba fanaon'ny olona kanosa natahotra fifidianana hatrizay. Ho an'Antananarivo manokana. Na sanatria hametraka PDS maharitra eo aza ianao, dia tsy hampiova zavatra izany, satria ny mponin'Antananarivo dia vahoaka misaina sy mandroso, fa tsy biby mitorina sanatria. Ho an'Andriamatoa Liva, dia tsy vahaolana ny fanaovana fifidianana, na fanemorana fifidianana na fametrahana PDS. Ravao aloha ny CENI. Esorina eo aminy izany fahefana mikarakara fifidianana izany. Ho hita eo avy eo ireo tsy fahamarinana nisy rehetra hatramin' izay. Hanamora ny lalankizotrantsika mankany amin'ny fifampiresahana sy handinihana ifotony ny raharaham-pirenena izany.

***Nangonin'Isambilo***

## NY TENY FIAINANA

*Ohabolana 3:28*

*Aza manao amin'ny namanao hoe mandehana, ka avia indray, fa rahampitso no homeko; kanefa manana ihany hianao.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Fitondrana Rajoelina : fanenjehana an-dRavalo 85%, fisehosehoana 14%, fanatanterahana IEM 1%

**Andriamihaja Kevin** : fitondrana Rajoelina, izao no zava-misy ankehitriny : fanenjehana ny filoha Ravalomanana 85%, fisehosehoana 14%, fanatanterahana IEM : 1%.

**Manga Tsimba** : ny mahagaga dia ohatran'i Ravalo indray no filoha dia henjehana ary ry zareo indray no mpanohitra manenjika. Hafa ihany i Dada e, ho mpanohitra dia avy eo ho Filoha ihany!

**Ajir Ozireh** : fika nôfa ny an-dRajoelina, mpivadibadi-dela, hatao filohan'ny mpanohitra Ravalo dia tsy hatao indray dia as any hiafarany. Tsy matotra mihitsy ny fitondran-dRajoelina ankehitriny.

**Manga Tsimba** : ka izany izao no miseho eto M/car, ny lazaina fa naharesy t@ fifidianana indray no manenjika y nnatao resy, tena mahatalanjona. Hiseho ho azy eo ihany ny marina raha izao no mitohy a!

**Andriamisara Randriamaherisoa** : tena marina! Ny marina tsy maty ary izay nanongana dia tsy maintsy mbola ho voaongana na ho ela na ho haingana.

**Sahondra Mampionona Sue** : mbô nisy 1% aza ilay fiheverany ny IEM. Rah any hita sy tsapa mantsy dia 0 manatody hatreto ny vola hanatanterahana ilay IEM.

**Tolotry NY Avo Andriamahefa** : fisehosehoana 80% no tena marina, zava-bita tsy misy, na misy aza dia efa zavatra natomboky sy nataon'ny ny teo aloha.

**Francia Ratsiresy** : tena marina! tsy misy vola hatreto ny IEM fa nofy ririnina fotsiny.

**Hasina Ravaoarivelo** : marina loatra, ny mpanenjika toujours afaran'i Dada.

**Saholy Nounousse** : tsy hitako ze naha 1% azy!!!! Inona no vita!!???? 0,00 % no tena marina.

**Adri Massi** : Malagasy dia natao hifanenjika sy hifanoso-potaka fa tsy mba afa-mivoatra mihitsy hoe hankaiza !

## TONONKALO

### Fanjakana tsy demokraty

Hatreto ianareo dia tsy demokraty
Satria tsy manaja ny fahamarinana.
Toa tsara ivelany saingy lo aty,
No sady sakaizan`ny fahamaizinana.

Hatreto ianareo dia tsy demokraty
Satria tsy ankatoavinareo ny lalàna.
Ny manova foana no mahafatifaty,
Tsy misy fierana na fifanajana.

Milaza ianareo fa tsy tonga hotompoina
Fa tena hanompo no zava-kendrena,
Kanefa mazava fa tsy mba henoina
Ireo hoe "maro an`isa" amin`ity firenena.

Toa loham-bontolo sy jadona hatrany
No enti-mitantana ity nosintsika.
`Zahay "maro an`isa" manohitra izany
Ry "be politika" mpanao "fikafika".

***DADAN`i ZINA (02-08-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fivoriambe nataon'ny TIM Boriborintany faha-6 ny faran'ny herinandro teo.**









**SEKOLY AMBONY ESSVA**

## Mamokatra manampahaizana hatrany ny katolika

Misesy ny famoahana mpianatra ho an'ireo sekoly ambony katolika eto Vakinankaratra ary nisantatra izany ny Sekoly ambony ESSVA Antsirabe. Raha toa ka miisa 140 mianadahy no navoaka tamin'ny taona lasa dia niakatra ho 192 mianadahy tamin'ity taom-pianarana 2018-2019 ity, izay misalotra ny anarana hoe Miray no navoaka tamin'ity herinandro ity, tao amin'ny kianja malalaky ny ESSVA. Ahitana sampam-pianarana miisa 6: "Communication et Journalisme, Gestion et Management, Ecotourisme, Electromécanique , Hotellerie et Restauration, Science et Technique de l'Education, niampy ny Master en Développement durable", izay marihina fa misokatra ho an'ny rehetra. Toy izao ny fepetra amin'izany: manana "licence"ary misy ny fijerena ireo antotan-taratasy mahakasika izany. Tombony ho an'ny Faritra Vakinankaratra ny fananana toeram-panabeazana ny tanora ho lasa tompon'andraikitra hampandroso ny Faritra. Isan'ny mampiavaka ny sekoly ny fananana fotodrafitrasa tsara sy ny fizàran'ny mpianatra mampianatra ny "système LMD". Ny ESSVA dia toeram-panabeazana ara-pinoana, manabe ho olom-pirenena ihany koa ary mampianatra ny tanora hanana ny fahaizamanao amin'ny asa. Nanome voninahitra ny lanonana famoahana ireo andiany Miry ny solontenan'ny Prefektiora, ny Tale miadidy ny Fampandrosoana eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra, ny Chargé des affaires Ambassade d'Allemagne eto Madagasikara, ny mpiahy ny andiany Miray Andriamatoa Justin Rakotomalala sady Filohan'ny komity mpitantana ny ESSVA sy Lehiben'ny Orinasa Soafiary, ny fianakaviamben'ny fampianarana eto amin'ny sekoly ambony ESSVA. Nanombohana ny fotoana ny fiarahamiombom-bavaka notarihin'ny Evekan'Antsirabe Phillipe Ranaivomanana, narahana fizarana diplaoma.

*Lezama*

## Sakafo Ny Valosoa



Hena kisoa sy haricot vert indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fanalana kankana



Fomba natoraly fanalana kankana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tongolo gasy antiseptika, antibiotika ary fanafody mahery ny tongolo gasy, ny kankana rehetra dia tsy tia tongolo gasy, ary tsy misy parazita izay tsy matin'ny tongolo gasy. Afaka hanina tsakoina amin'izao izy rehefa maraina vao mifoha mbola tsy misakafo ary atao herinandro misesy, saingy esorina ilay toy ny tsinay kely anatin'ny tongolo gasy iny. Afaka atao suppo ihany koa izy. Ho an'ny ankizy dia totoina ny tongolo gasy hasiny 2 ary fangaro amin'ny ronono 1/2 litatra avela 5min ambony afo ary omena tapaky ny vera ny ankizy ary ny zokinjokiny kosa 1vera. Tongolo be mena (onion): potserina ny tongolo ary ilay ranony no ampiasaina dia sotroina 2 sotro kely isan-kerinandro. Azonao hanina amin'zao koa ny tongolo. Diloilo coco tsy mitapoka (pur) : misotro diloilo coco 1sotro kely maraina mbola tsy misakafo ary 1sotro kely hariva alohan'ny hatory atao mandritra ny herinandro.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ankazoabo any amin'ny faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'Ankazoabo any amin'ny faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'Ankazoabo Atsimo ity tanàna ity. Kaominina andrenivohitra izy. Amin'ny tapany avaratry ny faritra Atsimo Andrefana no misy azy, tsy dia avo toerana satria 400 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Manana seranam-piaramanidina Ankazoabo. Faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana ny any an-toerana, noho ny asan-dahalo amin'ny halatra omby, mpiomby omby ny mponina. Vokatra any na izany aza ny vary sy ny haninkotrana isan-krazany.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 140), Madagasikara 30 jolay 2019

***Salamo 81: 9 "Aza asiana andriamani-kafa eo aminao; ary aza mivavaka amin'ny andriamanitry ny firenena hafa."***

Tsy misy intsony ny SORONA fa efa vitan'i JESOSY tamin'ny RÀNY latsaka sy ny nanolorany ny AINY ka dia maty IZY. Aoka izany tsy hisy SORONA hataonareo olombelona intsony ka mbola hisy SORONA indray handatsahan-drà etsy sy eroa, fa ny fanaovana izany dia mihevitra ilay SORONA MASINA toy ny tsy misy na manao izany ho zavapoana sy mandalo ihany. Izao no fotoana ry ambany masoandro sy izay miaina amin'ny tany, aoka ho fantatrareo ny marina sy ny rariny ary izay MASINA. Fa na hiodina etsy hianareo na tsy hino koa, IZAH0 JEHOVAH tsy mahaela ny TENY FIKASAKO: AHY izany ka dia toviko II **Petera 3: 9** "*Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany, araka izay ataon'ny sasany ho fahelany; fa mahari-po aminareo Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra*" . Aoka tsy hisy VAVAKA haingitraingitra sy fombafomba eo aminareo fa IZAHO no IVAVAHO amin'ny alalan'i JESOSY Izay nanaiky natao SORONA mba ho fifandraisana AMIKO sy aminareo, mba ho iray hianareo ary amin'ny alalan'ny VAVAKA ataonareo dia mifandray ny Lanitra sy ny tany. **Jeremia 33: 3** "*Antsoy Aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao*" . Ny VAVAKA ataonareo no hahalalanareo ny FAHAMARINANA rehetra ary FANAMASINANA ny zavatra rehetra ka tandremo tsara. Efa natolotro JEHOVAH ny zavatra rehetra na antany na an-danitra. Ho an'iza??? Ho an'i JESOSY! Ary izany no maha MPANJAKA AZY. Tsy olombelona toa anareo no miteny izany fa IZAHO JEHOVAH Ilay hatrizay ka hatramin'izao, tsy miova izany fa izany no ANARAKO ka aza ovaina na soloina **Isaia 45: 5-6** "*Izaho no Jehovah, fa tsy misy hafa: Tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho.*" IZAHO Ilay Fiandohana sy Fiafarana, Alfa sy Omega. Moa tsy FAMONJENA moa no tadiavinareo? Ao AMIKO irery no misy izay ilainareo sy tadiavinareo ary IZAHO irery ihany no manafaka amin'ny fahoriana, **Salamo 31: 6** "*Halako izay mivavaka amin'ny sampy*; fa Jehovah kosa no itokiako.[Heb: zavapoana mandainga].*" Raha mivavaka AMIKO hianareo fa tsy amin-javatra hafa dia hitako izany ary valiako tokoa. Tia AHY ve hianao? Matahotra AHY? Mialoka AMIKO? Miandry AHY? Hoy ny TOKY omeko ho anao, **Salamo 34: 6-9** "*Ity olo-mahantra ity niantso, dia nihaino Jehovah ka namonjy azy tamin'ny fahoriany rehetra. Ny Anjelin'i Jehovah mitoby manodidina izay matahotra Azy ka mamonjy azy. Andramo ka izahao fa tsara Jehovah; sambatra izay olona mialoka Aminy. Matahora an'i Jehovah, hianareo olony masina; fa tsy hanan-java-mahory izay matahotra Azy*" . Ary ataovy amin'ny Anaran'i JESOSY ny vavaka ataonao fa IZY no mifona ho anao sy manalalana AHY aminao ka misaora AZY amin'ny fo sy ny fanahinao rehetra. Tandremo, aza hadino velively fa JESOSY irery ihany no nomena FAHEFANA sy HERY hanafaka ny olona amin'ny fahotana izay vao misy FAMONJENA sy INDRAFO ka mba andramo ihany fa aza variana amin'izao fiainana mandalo izao e! **Lioka 18: 1** "*Ary Jesosy nilaza fanoharana taminy, fa tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ka tsy reraka.*" Mihaino anareo AHO, miandry anareo. Ny VAVAKA no anisan'ny anavahana ny olona hahatongavanareo eo anatrehako ka aza atao antsirambina na oviana na oviana. Ny fitoeranareo ambavaka ihany no FIAMBENANA ny FIVERENAN'I JESOSY rehefa tonga ny fotoana. Rehefa tsy tsara fiambenana dia inona no miseho? **Matio 25: 10-13**. VAVAKA ilay FIAMBENANA. Tsy mba miangatra AHO JEHOVAH na mijery tavan'olona toa anareo. **Lioka 18: 7-8**. Tiako ny mampianatra anareo toy izao : **Matio 6: 6**. Aoka hisy vavaka ataonao manokana toy izany, amin'izany fotoana izany dia misy anjely eo akaikinao eo manoratra izay tonom-bavakao rehetra. Mety hanontany hianao manao hoe: *miteny ve izany aho raha mivavaka?* Dia hoy AHO hoe : azonao atao tsara izany satria hianao miteny dia IZAHO mihaino, ny anjely manoratra, JESOSY no MPANALALANA. Dia hoy indray hianao: *rehefa inona aho no miteny dia aiza aho no mangina?* Ny FIBEBAHANA dia atao ao anaty vavaka ary aoka tsy hisy olona hahalala izany afa-tsy hianao sy JESOSY irery satria ny fibebahana dia famborahana ny ratsy natao sy vita teo amin'ny fiainanao manokana ary ny filazanao izany eo anatrehany no fitsoranao fa te ho afaka hianao fa ory sy mijaly loatra, tsy manam-pifaliana, tsy misy fiainana mandeha, izay atao rehetra rava, mampitomany, feno alahelo, mahatsiaro resy, mametraka ny tena ho olom-boaozona, tsy misy masoandro mihiratra, marary lava, arahin-trosa, voafatotra amin'ny karazam-pahotana maro, voagejan'ny toetra toa zary miraiki-tapisaka, tsy manana fahatsiarovan-tena hoe tsy manana an'i JESOSY ho MPAMONJY sy MPANJAKAN'ny fiainany manokana. Izany rehetra izany no ambarao amin'i JESOSY ao an-tranonao rehefa voarindrinao ny varavarana ka dia mitenena fa hianao sy ny anjely irery no ao na dia tsy hitanao aza izy, manoratra izay lazainao no asany ary mitondra izany miakatra aty AMINAY manao "tatitra" ary misy anjely hafa indray aty manoratra amin'ilay bokim-bavakao manokana ary dia misy anjely iray hafa indray no mamatra ny vavaka ataonao ao amin'ilay barika tsy maintsy fenoina. Tsory eo anatrehan'i JESOSY ny fahotanao izay vao hamela anao Izy ary hamindra fo aminao. **Ohabolana 28: 13**. Asan'i JESOSY izany fa tsy asan'olombelona ka dia aoka ho tsorinao Aminy ny fahotanao ary aza misy afenina. Tandremo tsy hisy olona hahalala izay ratsy vitanao afa-tsy JESOSY irery ihany, eny na dia ny vady andefimandrinao sy ny zanakao aza eny na ny mpitondra sy mpitaiza ny fanahinao aza satria JESOSY irery ihany no natao SORONA mba hamelana ny helokareo sy ny fahotanareo mba tsy hisy elanelana isika. **Isaia 59: 1-2** "*Indro, ny tànan'i Jehovah tsy fohy, fa mahavonjy, ary ny sofiny tsy lalodalovana, fa mahare; Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino Izy*"
Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

ADY AMIN'NY TSY FANJARIAN-TSAKAFO

## EPP miisa 786 misitraka fandaharan'asa fampisakafoana an-tsekoly

Ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo amin'ny mpianatra ambaratonga voalohany eto amintsika, ny Fandaharan'asa Erantany momba ny Sakafo, na PAM no dia manohana ny fandaharan'asa fampisakafoanana an-tsekoly na cantine scolaire. Mahatratra 786 ireo EPP amin'ny faritra telo any atsimon'ny Nosy no misitraka ity fandaharan'asa ity, izay ahitana mpianatra miisa 1 938 365, araka ny tombana natao ny taona 2018. Sakafo be otrikaina, vitamina, hery fiarovana, hery hoenti-miasa, no anisan'ny entin'ny sakafo an-tsekoly omen'ny PAM amin'ny ambaratonga voalohany any atsimon'i



*Mpianatra any Atsimon'ny Nosy, nahazo fampisakafoanana any-tsekoly avy amin'ny PAM.*

Nosy izao. Efa maherin'ny 30 taona ity fandaharan'asa ao anivon'ny Firenena Mikambana: PAM ity no nanohana ara-tsakafo an'i Madagasikara, ary mitondra ny anjara birikiny amin'ny fanatsarana ny tahan'ny fampidirana an-tsekoly ny mpianatra eto Madagasikara amin'ny alalan'ny fametrahana ny tetikasa fampisakafoanana an-tsekoly.

***Aly***

Basket-ball vehivavy tatsy Maorisy

## Nahazo mari-pankasitrahana tamin'ny ministry ny filaminam-bahoaka

Tonga nitsidika an'Andriamatoa Minisitry ny filaminam-bahoaka Contrôleur Général de Police Rafanomezantsoa Roger ny ekipam-pirenena malagasy teo amin'ny taranja basket-ball, izay nibata ny medaly volamena tamin'ny lalaon'ny nosy natao tatsy Maurice farany teo. Nitondra ny teny fisaorana ho an'ny Minisiteran'ny filaminam-bahoaka ireto mpilalao ireto tamin'ny fanampiana azon' izy ireo, ka nahazoany izao vokatra tsara izao. Marihina fa nanome fanampiana sy fankaherezana ho an'ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny taranja Basket-ball sokajy vehivavy izay niatrika ny lalaon'ny nosy ny Minisitra . Fa-




*Ireo mpilalao basket-ball vehivavy nahazo medaly volamena tatsy Maorisy, nihaona tamin'ny ministry ny polisy.*

nampiana ara-bola mitentina folo tapitrisa ariary (10 000 000 Ar) no nomeny ny ekipam-pirenena Malagasy, mba hahafahan' izy ireo manoman-tena tsara, ka hitondra avo ny voninahi-pirenena ary handrombaka ny amboara. Tetsy ankilany dia nisaotra sy nankasitraka azy ireo ny tompon'andraikitra voalohany avy ao amin'ny Polisim-pirenena, ka nanome mari-pankasitrahana ireo mahery fon'ny firenena ary mbola vonona hanampy ireo mpilalao amin'ny fifaninanana izay mbola hatrehan'izy ireo.

***Lita***

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Manamboatra ireo lalana simba hatao rarivato eny Tsarahonenana

Mitohy hatrany ny asa fanamboarana lalana tanterahin'ny fiadidiana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nanatanteraka izany ny avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy teny amin'ny faritr'i Tsarahonenana, lalana ifamezivezen'ny mponina sy fiara isan-karazany no amboarina ho vita «pavé» na rari-vato. Simba tanteraka ny eo amin'ity faritra amboarina ity ary manahirana ireo rehetra mpampiasa izany lalana izany. Izao



*Ny asa fanamboaran-dalana ataon'ny Boriboritany faha-5 eny Tsarahonenana.*

asa izao no natao dia ho fitsinjovana ny mponina eny ifotony, ary fanamaivanana ny fahasahiranan'izy ireo. Entanina hatrany isika vahoaka noho izany mba hikajy ireny foto-drafitrasa iombonana ireny.

***Aly***

MANOLOTRONY AMBOSITRA

## Fianakaviana miisa 6 traboina noho ny haintrano

Nisehoana haintrano ny tany Manolotrony any amin'ny distrikan'Ambositra faritra Amoron'i Mania afak'omaly. Nirehitra ny trano, vokany: olona miisa 23 no traboina. Trano lehibe iray misy fianakaviana enina tao Manolotrony, atsimon'ny Lycée Rakotoarisoa, no nirehitra tamin'izany. Tsy nisy aina nafoy, na ny naratra fa olona 23 no traboina, ankoatra ireo fananana main'ny afo. Vao nandre ny voina, dia tonga nijery ny zava-misy sy nampahery ireo traboina teny an-toerana ny solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tany Ambositra, Rasoazananera Marie Monique, nitondra ihany koa izay voatsirambin'ny tanana nanampiana ireo tra-boina may trano ireo.

***Ny Valosoa***



*Ilay trano may tany Manolotrony Ambositra.*

ENS Fianarantsoa

## Namoaka mpianatra miisa 326 mianadahy

Namoaka mpianatra miisa 326 mianadahy, izay nahazo ny marimpahaizana LAPEN sy MAPEN ny ENS, na ny Ecole Normale Supérieure any Fianarantsoa. Tontosa afak'omaly maraina tao amin'ny kianjan'ny serasera sy ny LMD tany amin'ny Oniversiten'i Fianarantsoa ny famoahana ireo mpianatra nahavita fianarana eo anivon'ny Ecole normale supérieur Oniversiten'i Fianarantsoa. Ny mpianatra nahazo ny mari-pahazaina LAPEN (Licence d'aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale) mitondra ny anarana hoe « Fanilo », sy ny mpianatra nahazo ny mari-pahaizana MAPEN (Master d'aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale) antsoina hoe Santatra no nomena izany mari-pahaizana izany. Miisa 326 ireto mpianatra nozaraina marim -pahaizana ireto : 106 ny MAPEN , raha 220 kosa ny LAPEN, izay nisandrahaka tao anatin'ny sampam- pianarana SE (Science de l'Education : Education préscolaire et Education Générale, Physique et Mathématique), Science Technologie : Mathématique, Physique Chimie ho an'ny MAPEN. Nanome voninahitra ity lanonana ity ny solontenan'ny ministry ny fanabeazampirenena, fampianarana ara-teknika sy fiofanana ara-kasa, teo ihany ireo «assistant parlemantaire –ny solombavambahoaka voafidy any amin'ny distrikan'i Fianarantsoa ary ireo tompon-andraikitra mahefa any amin'ny Oniversite, izay nahitana ireo mpikamba ao anatin'ny filankevi-pitantanana amin'ny Oniversiten'i Fianarantsoa . I Dokotera Andrianandrasanirina Faly Tinasoa, talen'ny Ecole Normale Supérieure no nisolotena ny filohan'ny Oniversiten'i Fianarantsoa Profesora Rafamatanantsoa Fontaine, izay namita iraka aty Antananarivo. Mpampianatra maherin'ny 1000 no vinavinain'ny fanjakana ho raisina amin'ity taona ity raha ny nambaran' Andriamatoa Tavandra Albert solontenan 'ny minisitry ny fanabeazampirenena , fampianarana ara-teknika sy fiofanana arakasa tamin'ny fandraisam pitenena nataony, ka namporisika ireto mpianatra ireto ny tenany mba hikarakara ireo antotan-taratasy ilaina amin'izany ary hanatitra izany eo anivon' ny ministera, na ny DREN akaiky azy ireo.


***Aly***



*Ny sasany amin'ireo mpianatra nahavita fiofanana tao amin'ny ENS Fianarantsoa.*

**Fanehoan-kevitra sms :**
**034 09 187 88 ;**
**032 11 505 44 ;**
**033 24 783 65**

**SARIITATRA : Akorontany ny tanàna fa miketrika PDS Rajoelina sy ny forongony**




Fanamboaran-dalana

## Nanafintohina ny mponin'Itaosy sy ny mpitatitra

Tafintohina mafy omaly zoma ireo mpandeha teny amin'ny vohitr'Itaosy sy Ambohidrapeto izay niakatra rehetra ka nikasa hiakatra an-drenivohitra na hankany Anosizato ho any amin'ny toerana samihafa. Notapohin'ny mpanao lalana teo Andranonahoatra mantsy ny rehetra vao maraina fa hoe tapaka ny lalana ary tsy azo aleha. Tampoka ho an'ny mpandeha sy indrindra ny mpitatitra rehetra na avy any amin'ny Hopitaly, na avy any Adohatanjona, na ireo avy any amin'ny Cité Itaosy sy Ambohidrapeto rehetra iny ny zava-nisy. Narary an-doha ireo mpiasa indrindra ireo amin'ny orinasa afa-kaba, na ireo mpianatra ihany koa, fa ho tara izy ireo. Teo Betavoahangy mantsy vao samy nitady izay lalana azo aleha ny mpitatitra tsirairay: nisy ny nivily nankany Vinany hihazo an'Ambohimamory na Ampitatafika, kanefa ny fitohanana amin'ireo lalana ireo koa iaraha-mahalala ihany fa mampiteny ny moana; nisy ny niverina indray niakatra ny tsena sy nihazo ny Kininina be ary namonjy lalana mivoaka an'Ampasika. Nisavoritaka ny fiainan'ny mponina teny an-toerana ny omalin'iny, izany dia vokatry ny tsy fahaiza-miasa mihitsy. Nahoana no tsy nahafahana nilaza mialoha nampiomana ny mponina sy ny mpitatitra fa ho tapaka ny lalana eo Andranonahoatra? Midika fa tsy voavinavina mialoha sy efa nisy fandaharam-potoana na tetiandro ny asa fanamboaran-dalana atao eny amin' iny Vohitr'Itaosy rehetra iny. Izany tsy fahaizana miasa izany anefa dia miteraka voka-dratsy amin'ny fihariam-bahoaka sy ny fianaran'ny mpianatra. Mametra-panontaniana amin'ny maro ihany ny fomba fiasan'ny orinasa manao ny lalana eny an-toerana ity.

***Radafy***

Vakinankaratra

## Hohatsaraina ny kalitaon'ny ronono

Notontosaina ny andron'ny 30 jolay ny fivorian'ireo komity mpitantana ny fanaraha-maso ny kalitaon'ny ronono eto amin'ny Faritra Vakinankaratra, izay natao tao amin'ny trano fivorian'ny Faritra. Nitarika ny fivoriana ny Lehiben'ny Faritra sy ny mpiaramiasa aminy natrehan' ireo rehetra mandrafitra ny komity mpitantana ny fanaraha-maso ny kalitaon'ny ronono. Natao izao fivoriana izao hanatanterahana ny tetik'asan'ny Faritra Vakinankaratra mba hijerena ny kalitaon'ny ronono satria manimba ny lazan'i Vakinankaratra ny kalitao ratsy, noho izany mila hampanarahana ny fenitra. Izany dia fifanarahampiaraha-miasa'ny CASEF sy ny Faritra Vakinankaratra. Noho izany dia hisy ny fananganana «commission technique de contrôle», sy «commission de suivie», ho an'ireo olona izay hisehatra sy handray fanapahan-kevitra amin'ilay «laboratoire mobile de contrôle qualité Lait», izay iaraha-miasa amin'ny CASEF (Croissance Agricole et de Sécurisation Foncière). Araka ny tombana dia mbola malalaka tokoa raha ny tsenan'ny ronono, ary mitondra fampandrosoana ara-toekarena eto amin'ny Faritra ihany koa ny fananana ronono tsara kalitao. Tanjon'izao ny hitaizana ny mpisehatra hanaja ny kalitao satria voakasik'izany ny fahasalamam-bahoaka sy mba tsy haraha-maso foana fa hitarihina azy hankany amin'ny sehatra matihanina.

***Lezama***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy alefa ho an'izay mety iantefany izao manaraka izao : izaho raha Tim dia ny Politika nentin'i Dada Ravalomanana nanomboka izy Ben'ny tanànan'Antananarivo, ka hatramin'izao no hankasitrahako. Izaho raha tsy nanohana an'Andriamatoa Andry Nirina Rajoelina dia tsy @ maha-olombelona azy no tsy mety amiko fa ny politika nentiny nakàna fahefana. Ny fahitàko an'ireo Mpanohana an'ny Filoha Rajoelina Andry indray dia tena mazava be. Tsy poltikan'i Dada Ravalomanana no tsy tiany fa ny maha-olombelona azy mihitsy. Hoy aho hoe : Samia velon'aina hahita ny tohin'ny tantara. Zazabê kilalao io ve, inona ty mba takany, t@1999 no nahafantaranay an'ilay nanangana ny Tiako ka omeko, izy iny no nanonona voalohany fa Tiako Iarivo dia tena notiaviny tokoa, ao nge mba hitanisa zay ben'ny tanàna nifandimby teo nanomboka tao aorian'ilay niverenan'ny fahaleovàtena dia inona no vitan'izy ireo, ny sasany aza ny zanany sahy nivarotra ny orinasa mandeha zao @ vahiny.

***Rahajarisoa Miranto Kevin***
***Lot...... Morarano Toamasina***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny fankalazana ny fetim-pirenen'i Soisy, teny amin'ny trano fonenan'i mpiandraiki-draharaha soisy teny Ambohibao.**















